17

# NY ENDRI-PAMOKARANA MIFOTOTRA AMIN'NY FAHALEOVAN-TENA

## TANJONA

Manoritsoritra ny endri-pifandraisana eo amin'ny lafa-pamokarana manome lanja ny herin'ny asam-batan'olona

## VONTOATIM-PAHALALANA

**1. Famaritana ny fahaleovan-tena**

Ny atao hoe fahaleovan-tena dia tsy fiankinana amin'ny hafa amin'ny lafiny rehetra, indrindra fa amin'ny lafiny ara-toe-karena.

**2. Endrika isehoany**

- Ny fahaleovan-tena eo amin'ny isam-batan'olona

Ny fahaleovan-tena eo amin'ny isam-batan'olona dia fahaleovan-tenan'ny olona tsiraray indrindra amin'ny lafiny famokarana.

- Ny fahaleovan-tenam-pirenena

Ny atao hoe fahaleovan-tenam-pirenena dia tsy fiankinana amin'ny firenena hafa indrindra fa eo amin'ny lafiny toe-karena.

**3. Ny famokarana sy ny fahaleovan-tena**

**3.1 Eo amin'ny isam-batan'olona**

Rehefa miankina amin'ny herin'ny tenany ny tsirairay dia:

- Malalaka amin'izay asam-pamokarana tiany hatao.

- Afaka mandamina ny fotoanany amin'ny asa ataony.
- Manana safidy feno amin'ny fampivoarana ny famokarany.
- Tsy teriteren'olona hafa amin'izay hanaovana ny vokatra azony.
- Mandray andraikitra avy hatrany fa tsy miandry ny hafa raha misy ny olana.
- Manana fahefana feno amin'ny fananany.

### 3.2 Eo amin'ny firenena

Rehefa mahaleo-tena ny firenena dia:

- Tompon'andraikitra feno ny mpitondra fa tsy miankina amin'ny hafa
- Andraikitry ny mpitondra ny mitady izay hampandrosoana ny firenena:
  - → Eo amin'ny famokarana (fambolena, fiompiana, taozavatra, jono, … )
  - → Eo amin'ny fanaraha-maso ny vokatra sy ny vidim-bokatra
  - → Eo amin'ny famoahana ny vokatra sy ny fanondranana entana
  - → Eo amin'ny fisafidianana izay firenena hiaraha-miasa
- Tompon'andraikitra feno amin'ny fanampahan-kevitra raisiny ny mpitondra
- Manana lalana ahafahana mifamezivezy sy ahafahana mamoa-ka ny vokatra

**Fanamarihina**

Tsy midika fitokana-monina ny tsy fiankinana amin'ny hafa eto. Na mahaleo tena aza ny olona iray dia tsy maintsy mifandray amin'ny hafa, mba hahafahany mampandroso ny zavatra ataony, toy izany koa ny firenena tsy maintsy mifandray amin'ny firenena hafa.

**Sahanasa 1**

1-Milazà ohatra roa ilazana fa mahaleo tena ny olona iray.

2-Inona avy ny ezaka tokony hataon'ny olona iray mba hananany fahaleovan-tena ara-pihariana?

3-Manomeza voka-tsoa telo azon'ny olona iray raha mahaleo tena izy.

4-Mitondra inona ho an'ny fiaraha-monina ny fahazakan-tenan'ny tsirairay ara-pihariana?

**Sahanasa 2**

1-Milazà ohatra roa ilazana fa mahaleo tena ny firenena iray ara-piharìana.

2-Inona avy ny ezaka tokony hataon'ny firenena mba hananay fahaleovan-tena ara-piharìana?

3-Milazà voka-tsoa telo azon'ny firenena raha manana fahaleovan-tena ara-piharìana izy.

4-Mitondra inona ho an'ny vahoaka ao aminy ny fananan'ny firenena fahazakan-tena ara-piharìana?

**Sahanasa 3**

1-Inona avy ny fepetra ahazoana ny fahaleovan-tena?

2-Hazavao ny tiana lazaina amin'ny hoe : "manome hasina ny an'ny tena" raha fiharìana no resahina.

3-Inona no toe-tsaina takin'ny fahaleovan-tena eo amin'ny tsirairay, raha fiharìana no resahina?